



**Nataon'ny Loholona Wilford W. Andersen**

Avy ao amin'ny Fitopololahy

# I Lay Vatolampin'ny Mpanavotra Antsika

*Mijoro bo vavolombelona abo fa ireo izay mitandrina ny didiny dia bitombo finoana sy fanantenana. Homena bery handresena ny olan'ny fiainana rebeta izy ireo.*

Nitsidika an'i Nauvoo, Illinois izaho sy ny fianakaviako taona maro lasa izay. Tany no nitadiavan'ireo Olomasina tany ampiandohana toeram-pialofana. Maro no very trano sy toeram-piompiana sy fambolena ary maro ireo namoy havan-tiana noho ny firongatry ny fanenjehana. Nivondrona tao Nauvoo izy ireo ary nanorina tanàna tsara tarehy iray. Saingy tsy nisy fitsaharana ny fanenjehana ka voatery indray izy ireo nandao ny tranony tamin'ny 1846—tao anatin'ny fotoan'ny ririnina tanteraka tamin'izany fotoana izany. Nampilaharin'izy ireo teo amin'ny lalana Parley Street ny saretin'izy ireo teo am-piandrasana ny anjarany hiam-pita ny Renirano Mississippi izay mandry, handeha ho any amin'ilay hoavy izay tsy fantatra.

Rehefa nijoro teo amin'ilay lalana Parley Street izahay ary nisaintsaina ny toe-javatra niainan'izy ireo izay nahakivy, dia indro ny masoko fa voasarik'ireo karazana mari-pamantarana natao tamin'ny hazo izay nofantsihana tamin'ny tsatòkan'ny fefy ka voasoratra eo amin'izany ny teny notsongaina tao amin'ny diarin'ireo Olomasina nijaly ireo. Rehefa namaky ireo teny notsongaina tsirairay ireo izahay dia gaga

satria tsy teny mifono alahelo sy hakiviana no hitanay fa kosa teny feno fahatokian-tena sy fanoloran-tena ary hafaliana mihitsy aza. Feno fanantenana izany, izay fanantenana hita taratra amin'ny alalan'ity teny notsongaina avy ao amin'ny diarin'i Sarah DeArmon Rich ity izay nosoratany tamin'ny Febroary 1846: “Ny fanombohana dia ao anatin'ny ririnina . . . dia toy ny mandeha any amin'ny lalana mitondra any amin'ny fahafatesana, saingy nanao finoana izahay . . . [ary] nahatsapa izahay fa tokony hifaly satria tonga ny androm-panavotana anay.”<sup>1</sup>

Tena tsy nanam-ponenana ireo Olomasina tany am-piandohana ireo, saingy tsy very fanantenana izy ireo. Torotoro ny fon'izy ireo saingy



natanjaka ny fanahiny. Nianatra lesona lalina sy manan-danja izy ireo. Nianatra izy ireo fa ny fanantenana izay miaraka amin'ny fitahian'ny fiadanana sy fifaliana dia tsy miankina amin'ny toe-javatra miseho. Hitan'izy ireo fa ny loharano marin'ny fanantenana dia ny finoana—finoana an'i Jesoa Kristy Tompo sy ny Sorompanavotany tsy manam-petra, izay fototra azo antoka anorenana ny fiainantsika.

Ankehitriny dia misy vondron'ny mpisava lalana hafa maneho izany fitsipika tena manan-danja izany. Tamin'ny Talata, 12 Janoary dia nisy horohorontany mahery vaika namely ny firenen'i Haiti. Noravaravain'ilay horohorontany tanteraka ny tanànan'i Port-au-Prince. Nampivarahontsana ny vokany—eo amin'ny olona 1.000.000 no tsy manankialofana ary mihoatra ny 200.000 no maty araka ny tatitra.

Raha toa ka nanaraka ny fomba fanampiana avy amin'ny firenena maneran-tany izay tena niavaka tokoa izao tontolo izao, dia nisy asa famonjena nampitolagaga sy tena tsara hafa niseho tao Port-au-Prince—ity iray ity dia notarihan'ny kômitry ahitana ireo mpitarika ny Fiangonana ao Haiti izay naorina araka ny lamin'ny fisoronana ary miasa eo ambanin'ny fitaomampianahy. Ireo mpikambana ao amin'ny kômitry, ankoatr'ireo hafa, dia ahitana ny filohan'ny tsatòka roa sy ny filohan'ny Fikambanana Ifanampian'ny tsatòka roa ao Port-au-Prince ary ny filohan'ny misiôna, izay 30 taona nefa miahy misiônera amin'ny fotoana maharitra miisa 74 mahery ao amin'ny Misiônan'i Haiti ao Port-au-Prince. Avy any Haiti daholo ny misiônerany rehetra ary tena nahagaga fa tsy nisy na dia iray aza naratra tao anatin'izany horohorontany nandravarava izany.

Napetraka eo an-tanan'ireo mpitarika eo an-toerana entanim-panahy ireo ny loharanom-panampiana avy amin'ny Fiangonana, loharano izay ahitana ny anjara biriky nomen'ny ankamaroanareo tamim-palalahan-tanana. Feno fisaorana lalina noho ireo fanampiana ireo ny vahoakan'i Haiti. Eo ambanin'ny fitarihan'ilay Kômitry dia kamiao lehibe maro mitondra vatsy avy any amin'ny Repoblika Dominikana no saika tonga teo noho eo ihany. Tao anatin'ny andro vitsivitsy taorian'ilay

horohorontany dia tonga ny fiamanidina feno sakafo, fitaovana fanadiovan-drano, lay, bodofotsy sy fanafody niaraka tamin'ny andiana mpitsabo.

Saika tsy dia nisy fahasimbana firy ireo trano fiangonana sivy tao Port-au-Prince sy ny manodidina—izay mbola fahagagana niavaka iray hafa. Nandritra ireo herinandro taorian'ny horohorontany dia lasa toeram-ponenan'ny Haisiana 5.000 mahery izy ireo ary lasa foiben-toerana fizarana sakafo sy rano ary nanaovana fitsaboana. Voazara ireo zavatra fototra nilaina ary nanomboka niseho avy tao anatin'ny korontana ny filaminana.

Na dia nijaly be tokoa aza ireo Olomasina Mahatoky Haisiana dia feno fanantenana ny amin'ny hoavy izy ireo. Toy ireo mpisava lalana tany am-piandohana tamin'ny 1846, dia torotoro ny fony saingy matanjaka ny fanahiny. Mampianatra antsika koa izy ireo fa ny fanantenana sy ny fifaliana ary ny fahasambarana dia tsy ateraky ny toejavatra miseho fa avy amin'ny finoana ny Tompo.

Môrmôna mpaminany, izay efa zatra niaina tao anatin'ny toe-javatra sarotra dia nahatakatra ity fotopampianarana ity ary nampianatra izany mazava tsara: “Ary koa, ry rahalahiko malala, mba te hiresaka aminareo ny momba ny fanantenana aho. . . .

“ . . . Indro, lazaiko aminareo fa hanana fanantenana ianareo amin'ny alalan'ny sorompanavotan'i Kristy . . . , ary izany dia noho ny finoanareo Azy araka ny fampanantenana.

“Koa, raha manam-pinoana ny olona iray dia tsy maintsy ilaina ny hananany fanantenana; fa raha tsy misy finoana dia tsy mety hisy fanantenana.”<sup>2</sup>

Avy amin'ny finoana an'i Jesoa Kristy ny fanantenana. Efa nandresy an'izao tontolo izao Izy ary nampanantena fa hamafa ny ranomasontsika Izy raha toa ka mitodika any Aminy isika ary mino sy manaraka Azy.<sup>3</sup>

Amin'izao fotoana iresahana izao dia misy olona sasany izay kivy sy ke-traka ka mety manontany tena hoe ahoana no fomba hahazoany fanantenana indray. Raha toa ianao ka iray amin'izy ireo, tsarovy fa ny fanantenana dia vokatry ny finoana. Raha tehanorina fanantenana isika dia tsy



maintsy manorina ny finoantsika.

Ny Finoana ny Mpamonjy dia mitaky zavatra mihoatra noho ny finoana fotsiny. Ny Apôstoly Jakoba dia nampianatra fa ny devoly koa aza dia mino sy mangovitra.<sup>4</sup> Saingy ny finoana marina dia mitaky asa. Ny maha-samihafa ny devoly sy ireo mpikamban'ny Fiangonana mahatoky dia tsy ny finoana—fa ny asa. Amin'ny alalan'ny fitandremana ny didy no mampitombo ny finoana. Mila manao asa isika mba hitandremana ny didy. Hitantsika ao amin'ny Torolalana ho an'ny soratra masina ny hoe “ny fahagagana dia tsy miteraka finoana fa ny finoana mahery dia azo avy amin'ny fankatoavana ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Amin'ny teny hafa, ny finoana dia tonga amin'ny alalan'ny fahamarinana.”<sup>5</sup>

Rehefa miezaka ny mitandrina ny didin'Andriamanitra isika, sy mibebaka amin'ny fahotantsika ary mampanantena ny hanao izay faran'ny vitantsika amin'ny fanarahana ny Mpamonjy dia manomboka mitombo ny fahatokiant-tsika fa handeha tsara ny zava-drehetra amin'ny alalan'ny Sorompanavotana. Ireo zavatra tsapa ireo dia hamafisin'ny Fanahy Masina izay hanala eo amintsika ilay antsoin'ireo ray aman-drenintsika mpisava lalana hoe “ahiahintsika izay tsy ilaina.” Na dia eo aza ny fitsapana mihatra amintsika dia ho feno filaminan-tsaina isika ary te hiara-hihira amin'izy ireo hoe “tsara re, tsara re.”<sup>6</sup>

Tsy hoe manamaivan-danja ny fisian'ny aretin'ny hareraham-panahy aman-tsaina akory aho. Ho an'ny sasany dia amin'ny alalan'ny fanatonana ireo mpitsabo manam-pahaizana no

vahaolana amin'ny hareraham-panahy aman-tsaina. Saingy ho an'ny ankamaroantsika dia manjavona ny alahelo sy ny tahotra ary soloin'ny fifaliana sy fiadanana rehefa mametraka ny fahatokiant-tsika amin'ilay Mpamorona ny drafitry ny fahasambarana isika ary rehefa mampitombo ny finoantsika an'ilay Mpanjakan'ny Fiadanana.

Nisy namako iray matin'ny homamiadana vao haingana. Olona nanampinoana lehibe izy sy ny fianakaviany. Tena nampientana ny fanahy ny nahita ny fomba nitantan'ny finoany azy ireo tao anatin'izany fotoana tena sarotra izany. Feno fiadanana ny tao anatin'izy ireo izay nanohana sy nanome hery azy ireo. Raha omen'izy ireo alalana aho dia te-hamaky sombiny avy amin'ny taratasy izay nosoratan'ny olona iray tao amin'ny fianakaviana izay nosoratana andro vitsivitsy talohan'ny nahafatesan'ny rainy:

“Tena sarotra tokoa izay andro vitsivitsy lasa izay. . . . Rehefa nitangorona teo amin'ny fandrianan'i Dada izahay omaly alina dia tena tsapa ny Fanahin'ny Tompo ary tena niasa marina mba ho mpankahery anay izany. Nahatsapa fiadanana izahay. . . . Anisan'ny zavatra faran'izay mafy nihatra taminay izany, saingy mahatsapa fiadanana izahay noho ny fahafantarana fa . . . nampanantena ny Rainay any an-danitra fa hiara-hiaina toy ny fianakaviana iray indray izahay. Taorian'ny nilazan'ny dokotera tamin'i Dada tany amin'ny hopitaly fa tsy misy zavatra hafa azo hatao intsony dia nijery anay rehetra izy ary nanontany tamim-pinoana sy tamim-pahasahiana tanteraka hoe: “Misy olona ve ato amin'ity efitra ity izay

manana olana amin'ny drafitry ny famonjena?" Tsy misy manana olana izahay ary feno fankasitrahana ny rainay sy reninay izay nampianatra anay mba hanana fahatokiana tanteraka an'ilay drafitra."

Miresaka amin'ny rehetra izay mijaly aho, sy izay rehetra mitaraina ary izay rehetra miatrika sy mbola hiatrika fahoriana sy olana eto amin'ity fiainana ity. Ny hafatra dia ho anareo rehetra miahiahy sy matahotra ary kivy. Ny hafatro dia toy ny feo miantso ihany, mpampahatsiahy an'ilay torohevitra mampahery lalandava avy amin'ny Ray be fitiavana ho an'ny zanany hatrany amin'ny fiandohan'izao tontolo izao.

"Tsarovy, tsarovy fa eo amin'ny vatolampin'ny Mpanavotra antsika, dia i Kristy, Ilay Zanak'Andriamanitra, no tsy maintsy anorenanareo ny fototrareo; ka rehefa handefa ny rivo maheriny ny devoly, eny, ny zanatsipikany ao amin'ny tadio, eny, rehefa, hamely anareo ny havandran'ny rehetra sy ny tafiotra maheriny, dia tsy hanan-kery aminareo izany mba hisintona anareo hidina any amin'ny hantsan'ny fahoriana na ny loza tsisy farany, noho ilay vatolampy izay iorenanareo eo amboniny, izay fototra azo antoka, dia fototra izay ahafahan'ny olona mianjera raha miorina eo amboniny izy."

Mijoro ho vavolombelona momba Azy aho fa nandresy an'izao tontolo izao Izy ary tsy hanadino na handao antsika velively satria efa vitany tombokavatsa eo amin'ny felatanany isika.<sup>8</sup> Mijoro ho vavolombelona aho fa ireo izay mitandrana ny didiny dia hitombo finoana sy fanantenana. Homena hery handresena ny olan'ny fiainana rehetra izy ireo. Hiaina fiadanana izay mihoatra noho izay azo takarina izy ireo.<sup>9</sup> Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Sarah DeArmon Pea Rich, in Carol Cornwall Madsen, *Journey to Zion: Voices from the Mormon Trail* (1997), 173–74; natao marana-penitra ny fitsipi-panoratana.
2. Môrônia 7:40–42.
3. Jereo Apokalypsy 7:14–17.
4. Jereo Jakoba 2:19 (ao amin'ny Baiboly).
5. Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Finoana".
6. "Ndao ry Olomasina," *Fibirana sy Hiran'ny Ankizy*, pejy faha-4.
7. Helamàna 5:12.
8. Jereo 1 Nefia 21:16.
9. Jereo Filipiana 4:7.



**Nataon'ny Loholona M. Russell Ballard**

Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

## Ny Reny sy ny Zanakavavy

*Amin'izao andro farany izao dia zava-dehibe—ary tena maika—ny fifampibainoana sy ny fifampianaran'ny ray aman-dreny sy ny zanaka.*

Ry rahalahy sy anabavy, enimbolana lasa izay dia niresaka tamin'ny ray sy ny zanakalahy aho tao amin'ny fivoriamben'ny fisoronana nandritry ny fihaonamben'ny Fiangonana. Mety efa nandrasanareo ihany koa fa dia nangataka hanokanana fotoana tahaka izany koa ireo zanako vavy 5, ireo zafikeliko vavy 24, ary ireo zafafiko vavy izay tsy mitsahamitombo isa hatrany. Koa anio aho dia hiresaka manokana amin'ny reny sy ny zanakavavy ato am-piangonana.

I Barbara vady malalako, dia naneho hery mitarika lehibe izay haharitra mandrakizay teo amin'ireo zanakay vavy sy zafikelinay vavy—ary izy ireo koa dia naneho izany taminy. Mitana anjara toerana manan-danja ny reny sy ny zanakavavy eo amin'ny fifanampian'izy ireo hikatsaka ireo fahaiza-manao tsy manam-petra ho azy ireo na dia eo aza ny fitarihana mifono fanambanimbadiana avy amin'izao tontolo izao izay hanimbana sy handrebirebena ny vehivavy sy ny reny.

Raha niresaka tamin'ny vehivavin'ny Fiangonana ny Filoha Joseph F. Smith efa ho taonjato iray lasa izay dia nilaza izy hoe: "Tsy ianareo izao no tokony hotarihin'ny vehivavin'izao tontolo izao, fa anjaranareo no . . . mitarika ny

. . . vehivavin'izao tontolo izao amin'ny zava-drehetra izay mendri-piderana, sy ny zava-drehetra izay misy ifandraisany amin'Andriamanitra, ary ny zava-drehetra izay manome hery sy . . . manamasina ho an'ny zanak'olombelona" (*Teachings of Presidents of the Church: Joseph F. Smith* [1998], 184).

Ry anabavy, izahay, anadahinareo, dia tsy afaka hanao ny zavatra masina nanendrena anareo efa talohan'ny nanorenana izao tontolo izao. Afaka manandrana izahay, kanefa tsy afaka hanantena velively ny haka tahaka ny talenta miavaka anananareo. Tsy misy zavatra hafa eto amin'ity izao tontolo izao ity izay mitondra tombontsoa ho an'ny tena manokana, sy manolokolo ary manova fiainana mihoatra noho ny hery fitaomana ananan'ny vehivavy marina iray.

Fantatro fa misy aminareo ry zatovovavy no tsy manana reny mba hahafahanareo miresaka momba ireto zavatra ireto. Ary maro aminareo ry vehivavy no tsy manan-janaka vavy amin'izao fotoana izao eo amin'ny fiainanareo. Kanefa noho ny fananan'ny vehivavy *rebetra* ao anatiny ny toetra masina dia ny talenta tsara miraikitra ao anaty sy ny fahaizan'ny reny mandray andraikitra dia miantefa amin'ny renibe, nenitao,